Tsenaben'ny fahaleovantena

19 -25 jona eo amin'ny Parvis Analakely

Fanampim-panazavana : 033 73 486 20



# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 18 Jona 2019 Laharana 921 Vidiny : 400 Ar


Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 46 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Antananarivo soa iombonan'ny malagasy 2

# Ho mendrika ny fandraisana ny Papa François



Olona 3 maty tany Antanifotsy 2

# Henjana ny tady : miaramilan'ny RFI sy Fitsaràna




## DIPLAOMASIA 2



Handao an'i Madagasikara ny Ambasadaoron'i Frantsa

## CAN 2019 6

Resabe ilay hoe tombontsoan'ny vahoaka no katsahina

## Arabe Andrianampoinimerina 5

Vita ny fanadiovana ny tatatra lehibe na ovoïde tao ambaniny

## Daka kely

Ngaha fetim-pirenenareo irery izy ity ry Boaikely a !

## Plazza Ampefiloha 6

Fahombiazana ny fampisehoana rock ny faran'ny herinandro teo



ANTANANARIVO SOA IOMBONAN'NY MALAGASY

## Ho mendrika ny fandraisana ny Papa François

Efa miomana amin'ny fandraisana ny filohan'ny Eglizy katolika Romana manerantany, ny Papa François, izay hitsidika an'i Madagasikara amin'ny volana septambra ho avy izao ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny maha soa iombonan'ny Malagasy azy, araka ny teny filamatra napetraky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana. Noho izay antony izay, nisy omaly tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analekely ny fivoriana ho fanomanana izay fandraisana amin'ny fomba mendrika ny Papa Ray Masina François izay, nitarika ny fotoana tamin'izany ny lefitra voalohan'ny ben' ny tanàna: Olivier Randrianarisoa, ny talen'ny kabinetran'ny kaominina: Ranjakasoa Mparany Gabhy, ny sekretera jeneralin'ny kaominina: Guy Rivo Randrianarisoa, ny Filohan'ny filankevitry ny tanàna, kolonely Faustin Andriambahoaka, niatrika izany koa ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna, ny Filoha Marc Ravalomanana. Anisan'ny toerana handalovan'ny Papa Ray Masina eto Madagasikara ny 6 ka hatramin'ny 10 septambra ho avy izao Antananarivo Renivohitra, izay no mahatonga ny fiadidiana ny tanàna, tsy hanao izay hampitsanga-menatra ny renivohipirenena amin'io fotoana io, fa hiezaka amin'ny fanadiovana ny tanàna, hikojakoja ny lalana, hanentana ny rehetra koa hiomana handray izany anisan'ny olona ambony eto amin'izao tontolo izao ara-pinoana izany. Tsy ho an'ny kristiana katolika irery ihany tokoa izao ho fahatongavan'ny Papa eto amintsika izao, fa ho an'ny olona rehetra mihitsy, na kristiana, na tsy kristiana, na mpino, na tsy mpino, ao anatin'ny fanomezam-panantenana vaovao ny vahoaka Malagasy, sy famelombelomana indray ny finoana, na finoana inona, na finoana inona.



*Ny filohan'ny Eglizy Katolika Romana, ny Papa François.*

***Isambilo***

Fifidianana depiote, Analalava

## Mitaky ny fangaraharahan'ny voka-pifidianana ny solontenan'ny mponina

Isehoana olana koa amin'izao fotoana izao ny voka-pifidiananaa depiote farany teo, any amin'ny distrikan'Analalava any amin'ny faritra Sofia. Tafaresaka tamin' ny gazety ny solontena avy any an-toerana nilaza izay olana izay. Kandidà iray efa voarohirohy tamin'ny resaka kolikoly hoy izy ireo no nanao ny hosoka sy ny hala-bato tany amin'ity distrika ity. Voarohirohy tamin'ny resaka fanodinkodinana volam-panjakana, kolikoly teo anatrehan'ny Birao Mahaleotena miady amin'ny kolikoly, na ny Bianco izany kandidà izany, hoy izy ireo, fony izy mbola tompon'andraikitra tao amin'ny ministeran'ny fitsinjaram-pahefana, izay tokony efa hatolotra ny fitsarana ny raharaha mikasika izany. Araka ny nambaran'ireo solontenan'ny mponina ihany, efa eo am-pelatanan'ny fitsarana ny didy fampisamborana avy amin'ny Bianco, tao aorian'ny fanadihadiana izay nataon'izy ireo. Maro amin' ny vahoaka mpifidin' Analalava hoy ny fanambarana no nahita ny hala-bato nihoa-pampana nataony, matoky ny fahendren'ny HCC noho izany ny solontenan'ny mponina avy any amin' iny faritra iny.



***Ny Valosoa***

Diplaomasia

## Handao an'i Madagasikara ny Ambasadaoron'i Frantsa

Handao an'i Madagasikara tsy ho ela ny Ambasadaoron'i Frantsa nonina sy niasa teto amintsika, Véronique Vouland Anéini. Hiasa any amin' ny toeran-kafa indray ity Masoivoho Frantsay ity rehefa nahavita taompiasana, 4 taona teto amintsika. Noho izay antony izay, hanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety ny tenany rahampitso alarobia 19 Jona amin'ny 10 ora 30 ao amin'ny Ambasady Frantsay, ao Ambatomena. Araka ny efa voalaza teo, mamarana ny efa-taona niasany teto Madagasikara izy ary taorian'ny fitsidihana ofisialy nataon'ny filohampirenena Malagasy tany Frantsa, no hanaovany izao fihaonana amin'ny mpampita vaovao izao, ireo loha-hevitra 2 ireo no anisan'ny ho vahavahany amin'izany. Araka ny fanambarana, ireo mpanao gazety dia tokony ho tonga manomboka amin'ny 10 ora sy hitondra ny karatra maha mpanao gazety mandritra io fotoana io.



*Ny Ambasadaoron'i Frantsa teto Madagasikara.*

***Isambilo***

Ben'ny tanànan'Ivato

## Miala tsiny amin'ireo mponina fa tsy afaka handefa CAN indray

Naneho fialantsiny tamin'ny mponina ao amin' ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, ny ben'ny tanàna ao antoerana, Penjy Randrianarisoa sy ny mpiara-miasa aminy noho ny tsy fahafahany mandefa maimaimpoana indray ny baolina kitra fiadiana ny tompondakan'i Afrika Kitra-CAN 2019: manaja ny fepetra napetraky ny CAF sy ny UAR ny Kaominina Ivato ; koa maneho ny fialan-tsiny fa tsy hisy indray ny fandefasana maimaimpoana ny lalao baolina kitra fiadiana ny Amboaran'i Afrika na CAN 2019 hatao any Egypta, izay saika hatao tao amin'ny Tranompokonolona sy ny Fokontany samihafa eny Ivato, ho fanajana ny fifanarahana manokana teo amin'ny Fitondrampanjakana Malagasy sy ny CAF, hoy ny fanambarana. "Araka ny fepetra napetraky ny CAF sy ny UAR (Union Africaine de Radiodiffusion), izay tompon'ny zo rehetra amin'ity lalao ity koa, dia tsy misy mahazo manao fampitana ireo sary sy feo ireo ankalamanjana eto Madagasikara".

***Helisoa***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fetim-pirenena, hifety ny vahoaka na sahirana aza

Afaka 8 andro sisa dia higadona ny 26 jona, hankalazana ny fetim-pirenentsika eto Madagasikara. Hetsika maro samy hafa no hanamarihana izany amin'ity taona ity. Ny herinandro lasa teo, efa maro ireo faritra eto amin'ny Nosy no nanomboka nankalaza izany faha-59 taona niverenan'ny fahaleovantena izany, mbola hitohy amin'ity herinandro ity izany, hitohy amin'ny herinandro ambony ary tsy hifarana raha tsy amin'ny alin'ny 26 jona. Na azo lazaina ho anatin'ny fahasahiranana tanteraka aza ny vahoaka Malagasy ankehitriny, noho ny antony samy hafa : fahefa-mividy ambanin'ny vahoaka, vidim-piainana midangana, tsy fandriampahalemana miseho lany etsy sy eroa, sns… hifety ihany ny vahoaka Malagasy toy ny isan-taona, satria andro iray toa zato ho an'ny Malagasy ihany koa izany fetim-pirenena izany, toy ny fetin'ny taom-baovao ihany. Amin'ny vanim-potoana toy izao, toy ny amin'ny fetin'ny voalohan'ny taona, dia mikimpy koa ny rehetra manao ny mety ho fiaraha-mifaly amin'ny sakafo, ka mamono vorontsiloza ho an'ny mahatakatra izany, akoho amam-borona ho an'ny hafa, mamono omby sy ny maro hafa,… Fa tsy toy ny an'ny fitondrana hoe : foanana ny fiaraha-misakafo eny lavoloha ao aorian'ny matso, ny maha-fety ny fety dia ny fiarahamisakafo, fiaraha-mifaly, sa olom-bitsy ihany avy eo no ho hasain'ny fitondrana amin'io tolakandron'ny 26 jona io, fa ny Malagasy indrindra ny avy any amin'ny faritra dia ho jerena fotsiny. Nefa fotoana koa io, mba hiakaran'izy ireo ny renivohitra, amin'ny maha-mpisolotena an'izy ireo ny avy any ambany ravin-kazo rehetra any. Zava-dehibe izany fiverenan'ny fahaleovantena izany rehefa nozanahan'ny Frantsay nandritra ny 64 taona isika tamin'izany fotoana izany. Ny 6 aogositra 1896 tokoa no lasa zanatany Frantsay i Madagasikara, ary tsy nahaleotena indray raha tsy tamin'ny 26 jona 1960. Vanim-potoana lehibe eo amin'ny tantaram-pirenena izany, ka tsy tokony hatao ambanin-javatra, na inona na inona zavamisy eto amin'ny firenena ankehitriny, na inona olana politika misy amin'izao fotoana.

***Isambilo***

Olona 3 maty tany Antanifotsy

## Henjana ny tady eo amin'ny miaramilan'ny RFI sy ny fitsaràna

Mbola mitana ny sain'ny maro ny nahitana fatin'olona 3 lahy nifatotra tany amin'ny ranon'Ampitatafika distrikan' Antanifotsy andro maromaro lasa izay. Araka ny vaovao nandeha tamin'ny haino amanjery dia miaramila ao amin'ny RFI 27 no voarohirohy fa namono azy ireo , ary efa nisy niditra amponja ny sasany amin'izy ireo, eny Tsiafahy . Araka izany , mandrahona hitokona ny miaramila raha tsy havoakan'ny mpitsara ireo naman-dry zalahy 27 voarohirohy nahafaty azy ireo . Tsy manaiky ny tsindry sy fandrahonana anefa ny fitsaràna ary mitsipaka marindrano izany araka ny nambaran'ny filohan'ny SMM, Clément Jaona . Nilaza ity farany fa tsy hilefitra amin'izay fandrahonana na iza ho faly, na iza ho tezitra . Izany rehetra izany dia vokatry ny toe-tsaina tamin'ny 2009 izany fifanoherana natao ren-tany ren-danitra izany hoy izy. Tsy misy henatra intsony ireo nomena andraikitra fa dia samy manao ny lohany. Rehefa avy eo dia avadika resaka corporatisme ilay ràha, sns.. dia ny "vahoaka" atao mpijery fotsiny hoy izy . Raha ny vaovao any amin'ny faritra hanaovan'ireo tafika fampandrian-tany dia maro ny fitarainana ataon'ny vahoaka eny ifotony ataon'ireo miaramila. Tsy misy fanajàna ny zon'olombelona hoy ireo ray amandreny avy any Isandra satria dia fokontany maromaro no nodorana fa hoe misy dahalo , nefa misy zaza amam-behivavy. Mila mijery akaiky ireo lehibe mpifehy fa lasa tsy fampandrian-tany indray no hita fa fampisavoritahana sy fampijaliana vahoaka. Henjana ny tady arak'izany, eo amin'ny miaramilan'ny RFI sy ny Fitsarana, ka dia ho hita eo ny tohiny.

***Helisoa***

Ny Valosoa sy hadihady

# Voka-pifidianana vonjimaika : manahy ny maro fa hiverina ny « azo raisina fa tsy mitombona »

Ny sabotsy lasa teo no nampiantso ny mpanao gazety ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI), nanaovany ny fampahafantarana ny vokatra vonjimaikan' ny fifidianana solombavambahoaka notanterahana ny 27 mey lasa teo. Iaraha-mahalala fa ambany dia ambany ny taham-pahavitrihana kanefa nanampy trotraka izany ny olompirenena maro nanana karapifidianana kanefa tsy tao anaty lisitra navaozina intsony, raha nahazo nifidy tamin'ny fifidianana ho filoham-pirenena ny volana desambra 2018. Niaiky ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana fa nisy ny hosoka, ny hala-bato, ny fikafika rehetra. Nanaovany fanakianana ireny fa tsy nasiany teny kosa ny momba ireo olona tsy afaka nifidy kanefa dia ity rafitra ity no tomponanadraikitra tamin'ny fanavaozana izany lisitra izany. Izay iray alehany na ny tany amin'ny fokontany no nanao izay nanesorana ireny mpifidy ireny tao anaty lisitra satria fantany mialoha izay kandidà nofidian'ireny olona ireny. Ny mpifidy rahateo efa nifidy tamin'ny desambra 2018 dia efa nahazo antoka fa tsy maintsy ho tao anaty lisitra izy, ka tsy nilaina intsony ny nanamarina izany. Mety ho tany amin'ireo nanao ny fampidirana ny anarana tamin'ny solosaina tany amin'ny Vaomiera mahaleotena mihitsy no ninia nanao izany. Raha ny eo anivon'ny fokontany dia ho sahirana ihany ny sefom-pokontany satria olona miara-miaina aminy eo an-tanàna ireny voahilika ireny. Azo antoka anefa fa hifanilika andraikitra toy ny mahazatra ireo rafitra roa ireo satria samy miaro ny rambony tsy ho tapaka sy tsy te ho ratsy eo imason'ny vahoaka. Mendrika ho saziana anefa izay voaporofo fa nanao tsirambina ny asany izay misy fiantraikainy tsy azo tsinontsinoavina eo amin'ny fiainam-pirenena. Azo heverina ihany koa fa nisy endrika kolikoly na tsindry tamin'ity toe-javatra ity satria tsy tongatonga ho azy ny fanesorana sefom-pokontany maro raha tsy hiteny afa tsy ny teto an-drenivohitra. Ny any amin'ny toerana lavitra andriana moa tsy sarotra ho an'ny manampahefana any an-toerana ny mampihorohoro ireny sefom-pokontany ireny ka tsy nilaina ny nanaisotra azy tamin'ny toerana. Tsy sarotra ny nanaisotra na nanindry azy ireny satria olom-boatendry ny sefom-pokontany fa tsy nofidin'ny vahoaka. Manaporofo ny fiandaniana amin'ny mpitondra ihany koa ity toedraharaha ity satria efa nanambara ny filohan'ny Repoblika, tany Lafrantsa, fa tsy maintsy mandresy ny mpiaradia aminy, toy ny tamin'ny fifidianana filoham-pirenena ihany. Efa manahy sahady ny maro fa tsy hanao hafa tsy ny hanamafy izay vokatra vonjimaika navoakan'ny Vaomieram- pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana fotsiny ny Fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), ka miverimberina hatrany ilay fitenenana nalaza tamin'ny fotoan'androny « azo raisina fa tsy mitombina ». Raha io vokatra vonjimaika navoakan'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana io no hamafisin'ny fitsarana avo momba ny Lalàmpanorenana dia ny tamin'ny tetezamita indray izany no hiverina ao amin'ny Antenimieram-pirenena dia hamboary ny saina ry gasy fa ho toy ny tamin'izany indray ny fiainana eo amin'ny sehatra rehetra. Efa nanomboka iny ny « vary mora », ka hanomboka ho voky « bala rora » amin'izay ny gasy.

*Andry Tsiavalona*




## NY TENY FIAINANA

*Matio 14:33*

*Ary izay teo an-tsambokely dia niankohoka teo anatrehany ka nanao hoe: Zanak'Andriamanitra tokoa Hianao.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tampohim-pahefana Rajoelina, tsy mbola nisy sarina filoha anaty sainam-pirenena



**Mandroso Randria** : rehefa mety tany Sénégal dé mety atao koa eto amintsika. Žé tsy faly, mekàra am poteau. Atôvy vraky be mitsy Prezdà, ataovy Injeto, in'erivo, in'elina... dé am 'zay mampiakatra sifra dafera an'lé mpanao doka-saribe iny a. Tampohim-pahefana Rajoelina, tsy mbola nisy teto ambonin'ny tany sarina filoham-pirenena nampidirina amin'ny sainam-pirenena, toy ny misy amin'io Poteau io.

**Lahatra Andriamahatsangy** : Appel d'offres oviana no nanaovana itony, sa noho ny hamehana pfff zahay koa mba te hahazo marché!!!

**Mandroso Randria** : ntsouu … tsisy offres ankizara zany kosa annn! Fa aôna mitsy moa!

**Nadia Raonimanalina** : raha za ny prezidansa hanaovana sarivongana mihitsy ity filoha mamimbahoaka ity. Soloina statue-ny anjely mainty, hihihiiiii!

**Mandroso Randria** : Dé asina konkoh etsy Amboja, ho soloin'lé an'i Jean Laborde, krkrkr!

**Ilojihy Molopi** : raha anisy sary ihany tokony sarin'ireo président nifandimby hatrizay koa natao teo.

**Nadia Raonimanalina** : raha niteny izy tam propagande oe haka tahaka an senegal sy rwanda isika dia mety nilay a!

**Arp Helisoa** : angaha tsy misy indray ny fitsitsina e?

**Magali Rasanj Rasanj** : copie coller daholo izany zavatra rehetra zany fa tsy mba manana idée ILAY flou!

**Lantoniaina** : dain le, tena tsy avotra ilay filoha Andry Rajoelina sy ireo mpiara-dia aminy, tena manaotao foana, foana !

**Rina Kevin** : samy hafa koa anie ilay contexte. Ny an'ry zareo investiture donc tsy dia misy olona loatra. Fa ny antsika fetim-pirenena, dia tena manaonao foana ilay fitondrana amin'izao. Fitondrana mpa nongame-panjakana tsy misy valeur marina!

## TONONKALO

### Ho an'ny Elitan'Atsimondrano

Volabe no nafafin`ise saingy indrisy fa toa tsy tafita ?
Mandehana misitrika re ry mitonona fa hoe elita.
Na mahantra aza ny olona ety dia tsy olona maty fanahy,
Fa nolaviny ny mpiova loko , tia manahaka ny tanalahy

Volabe no nafafin`ise , ny rehetra dia niara-nahita,
Saingy mafy ity faharesena ry mitonona fa hoe elita.
`Ndeha tohizo ny varo-pinday , any angamba mandeha be ny afera
Dia ataovy veloma amin`izay fa "tsy tafa" ny antenimiera

Volabe no nafafin`ise , saingy angaha azo ovàna ny vita ?
Mionòna f`izao re no anjara ry mitonona fa hoe elita.
Be ny zava-mangidy eto an-tany , fa mangeroka ny toy izao.
Aoka ho anatrareo mpiova loko : tsy famadika ny palitao.

*DADAN`i ZINA (10-06-19*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny mpianatry ny «Clever Child» Ampefiloha nitsidika ny Mpamonjy voina tetsy Tsaralalàna.









## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy anandrano indray no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fitsaboana ny tsy fahampian-drà



Fomba natoraly fitsaboana ny tsy fahampian-drà indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny tsy fahampian-drà anémie dia aretina mety hahazo ny olona rehetra. Izy ity dia vokatry ny fidinan' ny tahan' ny sela mena na globule rouge, izay mitondra oxygène ilain' ny taova avy amin' ny vatana ao amin' ny rà. Ny antony: tsy fahampian' ny tahan' ny vy ao amin' ny rà, tsy fahampian' ny vitamine B12, na B9, izay ilain' ny vatana amin' ny famoronana ny hemoglobine sy sela mena. Aretin' ny tsokan' ny taolana, tsy fahampian' ny plyarthide, ahafantarana azy: ny fahasemporana raha vao manetsika vatana, harerahana tsy an-kiato, palpitation, fanina matetika rehefa mitsangana, aretin' andoha lava, hatsatra be rehefa tena mihombo ny aretina. Ny hatao: misotro ranona karaoty: kikisana ny karaoty, fihazana hakana ranony, misotro iray vera maraina atoandro- hariva. Betterave: sasana tsara dia hanina manta, ampongabendanitra (grenade), voaloboka paiso abricot: tena mahasoa ny fihinana ireo voankazo ireo na ny ranony. Ravina épinard, karaoty: totoina ny ravina épinard na mixer-na dia alaina ny ranony. maka ranona karaoty dia hatambatra amin' ny ranona épinard. 1 vera no fitambarany. Sotroina maraina atoandro hariva.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Mananjary any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany

Ny tanànan'i Mananjary any amin'ny faritra Vatovavy Fitovinany indray, no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, tanàna amoron-dranomasina izy, noho izany iva toerana ihany satria 10 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Eo amin'ny vinanin'ny reniranon'i Mananjary sy ny Lakandranon'i Pangalana no misy azy. Manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity, manana seranan-tsambo amin'ny ranomamy, amin'ny Lakandranon'i Pangalana koa. Vokatra any ny vary sy ireo voly fanondrana toy ny kafe, jirofo, letchis,… Faritra be harena an-kibon'ny tany koa ny manodidina an'i Mananjary.



# Jehovah, Madagasikara 09 jona 2019, hafatra manokana laharana 46

**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao.**

***Asan'ny Apostoly 1: 8 "Fa hahazo hery hianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany."***

Ry mpamaky sy mpihaino, mbola fampianarana ny mikasika ny Pentekosta no hotohizako JEHOVAH. ***Asan'ny Apostoly 1: 1-4.*** Nisy hafatra sy fampianarana nolazain'i Jesosy andrao dia misy olona mandeha amin'ny sainy sy raisin'ny olona ankamehana ny FAHAMARINANA. Ka dia nanangona ny mpianatra sy ny Apostoly JESOSY nampianatra ny amin'io FANAHY MASINA io ary indrindra ny fomba fiasany, ny fotoana izay ahatongavany ihany koa. Talohan'ny PENTEKOSTA no nampianaran'i Jesosy sy nanafarany ny mpianatra maro nanaraka AZY ny amin'ny atao hoe PENTEKOSTA nandritra ny 40 andro izay nisehoany mba ho fantatry ny olona ary nataony tamin'ny antsipirihany mihitsy. Ka raha JESOSY nanambara AHY dia izao ny hafany hoe hianareo koa manambara io FANJAKANA io izay tsy maintsy hiverenany ambany masoandro indray . Ka tokony tsy hataon'ny olona ambanin-javatra mihitsy ilay NY BATISA DIMY. IZANY NO FIANDOHAN'NY FANJAKANA. Raha te hiakatra aty andanitra dia tsy maintsy miandoha amin'ireo FANJAKANA ireo.

***Asan'ny apostoly 1: 5*** Aza misy maimaika hoe tokony efa hiainga, tokony efa hanao fa aoka aloha hiandry ny TENY FIKASANA. Ny mpianatra anie ka maika be mihitsy rehefa azony ny fampianarana ka nanao hoe efa tokony handeha, efa tokony hiasa, tokony hanao. Tsia tsy mbola izany fa misy vanim-potoana avokoa. Mbola tsy tonga ilay TENY FIKASAKO. Rehefa mbola tsy tonga izany dia miandry aloha, mijanona aloha. Tsy amin'ny fotoana izay mety amin'ny olombelona fa amin'ny fotoana izay voatendriko. I Joela anie nahalala an'izany ary nampiomana sy nampahafantatra fotsiny izy satria mbola tsy tonga ny fotoana. Tsy maintsy vita ny Batisan'ny Fanahy Masina izany hoe tsy maintsy milatsaka aloha ny FANAHY MASINA dia ilay PENTEKOSTA dia izay vao afaka mandeha ny olona.

***Asan'ny apostoly 1: 6*** Raha ny marina dia amin'izao vanin'andronareo izao no hampodiana ilay FANJAKANA ho amin' ny olona. Dia hoy Joela hoe AMIN'NY ANDRO FARANY satria tsy andro farany no niainan'ny Apostoly fa izao andronareo izao no atao hoe andro farany. Ka tonga izany izao ny fotoana hampodiana, hamerenana amin'ny laoniny, hametrahana io FANJAKANA io. Ahoana ary no fomba hahatongavan'ilay FANJAKANA? Rehefa lasa JESOSY dia natao izany, h**otendreko JEHOVAH amin'ny FAHEFANA.** Izany hoe raha misy izany ny Fifohazam-panahy na ASA LEHIBE dia tsy maintsy misy HERIN'NY LANITRA sy FAHEFAN'NY LANITRA ary ny FANAPAHAN'NY LANITRA tonga ao manatanteraka ilay ASA fa tsy sain'ny olombelona na fahalalany na fiheviny. Izany hoe **ny LANITRA no MANAPAKA, izay avy aty an-danitra no aseho sy aharihary dia misy MPANAPAKA izany dia JESOSY**. Tsy maintsy misy mpanapaka ohatr'izao hitanareo izao. Ny MPANJAKAN'NY LANITRA no mpanapaka.

***Asan'ny Apostoly 1: 7- 8.*** Miaraka amin'io FANJAKANA ilay Hery sy Fahefana ary Fanapahana. Tsy misy afaka manapaka afa-tsy izay tendreko irery ihany. Fa izay manao ankoatran'izany dia mpisandoka izy. Izany no mahatonga ny fiainanareo zanak'olombelona ambany masoandro izao tsy ara-dalàna, tsy misy fiadanana satria misy fanapahan'olombelona. Fa rehefa io FANJAKAKO io no tonga dia miaraka amin'izany dia **FANJAKAM-PIADANANA, FANJAKAM-PITIAVANA.** Ka io FIFOHAZAM-PANAHY izay hataoko io dia hiaraka amin'izany fa tsy tahaka izao ataon'ny olona izao. Fitoriana ny FILAZANTSARA, fitaomana ny olona ho ao amin'ny FANJAKANA, miaraka amin'ny HERY, FAHEFANA, FANAPAHANA, VONINAHITRA LEHIBE, FAMANTARANA sy FAHAGAGANA ilay ASA LEHIBE. Ny famantarana halefako dia jereo ny lanitra fa hanao zava-mahagaga amin'ny tany AHO. Noho izany mbola tsy tonga akory ny fotoana fa kosa efa misy ny fiandohana mba hiomanana fa ho avy izany. Dia IZAHO mamaly hoe miomana fotsiny fa efa akaiky ny fotoana fa izao ilay andro farany anatanterahana izany. Satria tsy maintsy ho vavolombelona any amin'ny toerana rehetra izay tsy mahalala izany hianareo.

***Asan'ny apostoly 1: 9*** Rehefa vitan'i JESOSY ny fampianarana mikasika ny FANAHY MASINA, mikasika ilay FANJAKANA dia niala teo amin'ny olona IZY.

***Asan'ny apostoly 1: 10-11*** Nanontany ilay anjely hoe fa inona no mahavariana, inona no mahatalanjona? Ka izao zavatra teneniko anareo izao dia aza gaga, aza variana fa miomàna fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora. Iny JESOSY izay nampakarina, niala teo aminareo ho aty an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo AZY niakatra taty an-danitra indray. IZAHO ihany koa dia mampiomana anareo hoe aoka ho raisinareo izany fampianarana izany fa izany zavatra efa niseho teo amin'ny Apostoly izany dia hianareo no hiaina azy. Tsy hita maso aloha fa hapetraka ao anatinareo, ho tonga ao anatinareo dia miaina ao amin'ilay FANJAKANA hianareo. Tsy misy intsony ny hoe fa maninona ny eto amin'ity faritra ity no mbola manao ohatran'izao ary maninona hianareo eto amin'ity tanàna ity tsy manao an'izao. Izay rehetra manana ny FANJAKANA ao anatiny dia tsy tokony hatahotra na inona na inona. Tsy tokony hangovitra na hatahotra satria tsy azo ampihorohoroina ny FANJAKAKO, tsy azo ampitahorina, tsy azo ampifilafilaina. Noho izany TSY AZO AMPIHOROHOROINA izany IZAY MANANA NY FANJAKAKO. Mitenena izany mihitsy ianao amin'ny androm-piainanao rehetra fa mandositra i losifera. Io losifera io tsy manana fanjakana tena tsara orina, tsy manana fanjakana tena azo antoka fa mpampihorohoro fotsiny, mpampitahotra. Ampiharo ny FANJAKANA ao anatinao ary teneno i losifera hoe mialà ry fanjakana mpampihorohoro, fanjakana tsy manana faharetana mandrakizay, tsy azo antoka, tsy azo ianteherana, tsy misy fiorenana. Avy eo dia mba teneno indray ny AHY. Ianao raha mahay an'izany dia matahotra anao i losifera fa ianao tsy miteny izany no mampisehoseho azy, tohero izay azy.

Amen

Mbola hitohy.

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

ARABE ANDRIANAMPOINIMERINA

## Vita ny fanadiovana ny tatatra lehibe na ovoïde tao ambaniny

Tontosa soa amantsara ny fanadiovana sy ny fanamboarana ny tatadrano lehibe, na ovoïde, tao ambanin'ny Arabe Andrianampoinimerina eo Analakely. Tsara ny manamarika fa nanomboka teny Andohanan'Analakely ary nifarana teo amin'ny Lycée J.J Rabearivelo ny asa, izay tafiditra tao anatin'ny tetik'asa PIAA (Programme Integré d'Assainissement d'Antananarivo). Amin'izao fahavitan'ity tetik'asa ity izao dia azo antenaina fa hihena avokoa ny haavon'ny rano eny amin'ireo faritra iva eto an-dRenivohitra, azo heverina ihany koa fa tsy hisy intsony ny fiakaran'ny rano eny amin'ny arabe rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra satria hikoriana tsara amin' izay ny rano. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitry ny PIAA eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Hariravo Andrianarivelo dia omena ny CUA, ny Apipa ary ny Samva ny fitantanana sy ny fikojana ity fotodrafitr'asa ity. Efa manomboka misokatra bebe kokoa amin'ny fifamoivoizana noho izany ity Arabe Andrianampoinimerina etsy Analakely ity. Entanina ny mponina mba tsy hanary ny fako any anatin'ireny lakandrano ireny intsony, mba ho fikojakojana ny fotodrafitr'asa.



*Ny fahavitan'ny asa fanaovana tatatra lehibe, tetsy amin'ny Arabe Andrianampoinimerina Analakely.*

***Aly***

DTMU (CUA), ministera, ATT

## Nandamina fifamoivozana teny amin'ny 67 ha sy mankany Ambohimanarina

Nanatanteraka fandaminana ny fifamoivozana teny amin'ny faritry ny 67 ha ny avy eo anivon'ny Sampan-draharaha misahana ny fitaterana sy ny fivezivezena eto an-drenivohitra, na ny Direction de la Mobilité Urbaine (DTMU), ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA) ny faran' ny herinandro teo, niaraka tamin'ny ministeran'ny fitaterana sy ny ATT. Ireo fiara mpitatitra mihazo an'Ambohimanarina toy ny zotra 105,112,114 no narindra ho toy izao :natao « double sens » ny lalana eo amin'ny Seimad Ankasina mihazo ny Hotel Manga ary mitohy eny amin'ny Hotel Maxime hatramin'ny alahady ho avy izao. Nisy ihany koa ny fandaminana teny amin'ny toeram-piantsonan'ny zotra D teny Vassacos mba hanalefahana ny fitohanan'ny fiara. Araka izany dia tsy tokony hihodina amin'ny rond point Antanimena intsony ireo fiara mpitatitra mihazo an'Ambohimanarina fa avy hatrany dia mamonjy an'i 67 ha mihazo ny Hotel Manga rehefa tonga eo Ankazomanga. Mahakasika ny fanamboaran-dalana eny Ambohimanarina kosa indray dia hisy ny fanapahana ampahan-dalana manodidina ny 500 m eo ho eo isaky ny 4 na 5 andro mandra-pahavitan'ny lalana mihazo an'Ambohimanarina iny. Ny fanapahana voalohany dia eo Anosivavaka Ambodivonkely nanomboka omaly alatsinainy ary hitohy hatrany arakaraky ny fahavitan'ny asa. Ho an'ny eny Ampasampito manokana dia efa nisy fanombohana ny asa efa andro vitsivitsy izay notanterahin'ny Polisy Monisipaly sy ny Polisy Nasionaly. Ny fandrindrana dia niainga teo amin'ny Total Ankadindramamy mihazo ny Station Shell ka hatreny Ampasampito. Izao fandaminana rehetra izao no natao dia mba hahafahan'ireo rehetra mpampiasa lalana miomana mialoha, ny amin' ny lalana izay hizorany mandritra izao fanamboaran-dalana izao.

***Aly***



MPAMONJY VOINAN'NY CUA

## Nahaliana ny mpianatry ny «Clever Child» ny asany

Nitsidika ny mpamonjy voinan'ny Kaominina Antananarivo renivohitra (CUA), etsy Tsaralalana omaly, ny mpianatry ny sekoly Clever Child etsy Ampefiloha. Nahaliana ireo mpianatra ao amin' ity sekoly tsy miankina "Clever child" etsy Ampefiloha ity ny asan'ny mpamonjy voina eto an-drenivohitra. Nahazo fahalalana momba ny asan'izy ireo, ireo ankizy noho izany. Ilaina ny hahafantaran'izy ireo ny andraikitry ny mpamonjy voina, mba hahafahany miatrika ny tranga misy eny anivon'ny fiarahamonina misy azy, hoy ny tomponan'andraikitra ny sekoly. Fanontaniana narahim-baliny mahakasika ny andraikitry ny mpamonjy voina, ireo fitaovana ampiasainy ary ny fitsidihana ny toerana iasan'izy ireo etsy Tsaralalana, no nataon'ny ankizy ao amin' ny sekoly "Clever Child" etsy Ampefiloha omaly maraina io.

**Serge**



*Ireo ankizy mpianatra avy etsy Ampefiloha, nitsidika ny mpamonjy voina tetsy Tsaralalana.*

Fiomanana amin'ny fetim-pirenena

## Mandoko ireo « rond point » ao aminy ny Boriboritany faha-5 (CUA)

Ho fanomanana amin'ny fankalazana ny fetim-pirenena 26 jona, sy ho fanatanterahana hatrany ny vinan-dRamatoa Lalao Ravalomanana, Ben' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), amin'ny fanatsarana hatrany ny tanàna. Ny Boriboritany fahadimy, dia nanatanteraka fandokoana ireo « rond-point » rehetra ao amin'ny faritra iadidiny. Toy ny teny Andranobevava, Ambatomainty, Ankorondrano: route des hydrocarbures Sodiama, sy akaikin'ny Hotel Ibis ; Alarobia-Ivandry: akaikin'ny Artec ary Tsarasaotra. Ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny boriboritany fahadimy ihany no nanatanteraka ny asa, ny loko kosa dia avy amin'ny ezaka manokan'ny Boriboritany. Izao asa izao ihany koa dia natao ho fiomanana amin'ny fiavian'ny fety ary ho fanomezana endrika ny tanàna. Koa entanina hatrany isika mponina mba hikajy ireny fananana iombonana ireny.

**Serge**



*Ny fandokoana rond point nataon'ny Boriboritany faha-5.*

Plazza Ampefiloha

## Fahombiazana ny fampisehoana rock ny faran'ny herinandro teo



*Ny mpandraharaha tanora, anisan'ny mpikarakara lanonana, Raboanary Tantely Mahefatiana.*

Fahombiazana tanteraka ny hetsika nataon'ny tarika Kiaka tetsy amin'ny Plazza Ampefiloha ny faran'ny herinandro teo. Feno hipoka ny Plazza, nifaly havanja tanteraka ny mpankafia ny rock, saika hita nanatevin-daharana tao avokoa ny mpankaly ny hira rock toa an-dry Green, Tselatra, sy ireo mpihira kalaza amin' io sehatra io. Manana ny lanjany ny hira rock eto Madagasikara, hita ho manomboka miverina amin'ny toerany ny lanjan'ny kolontsina eto Madagasikara, fa mbola olana anefa ny tsy fampian'ny toerana fanaovan- dononana lehibe tahaka ny any an-dafy, saika manerana ny renivohimparitra dia mbola tena sahirana amin'izany. Raha momba ny lanonana no resahina, nankasitraka ny mpankafy sy ireo olona namaly ny antso, ka niatrika ny rindrakira lehibe ny mpandraharaha tanora, Raboanary Tantely Mahefatiana, izay anisan'ny nikarakara izao fampisehoana rock lehibe izao.

**Helisoa**

## SARIITATRA : Fifidianana manara-penitra sy halatra avo lenta no nisy




Fitondrana Rajoelina - CAN 2019

## resabe ilay hoe tombontsoan'ny vahoaka no katsahiny

Nivahiny tao anatin'ny vaovao an-tsarin'ny TVM ny Tale Jeneralin'ny ORTM, Belalahy Jean Yves, nitondra fanazavana momba ny fampitana mivantana ny lalao ao amin'ny TVM sy RNM. Namafisiny tamin'izany fa ny TVM sy ny RNM irery ihany no nahazo ny alalana avy amin'ny CAF amin'ny fampitana mivantana ny lalao amin'ny CAN 2019 eto Madagasikara. Ankoatra izay, nanapa-kevitra ny TVM fa ny feo sy fitantarana amin'ny teny frantsay no ho ampitaina fa tsy hisy ny hanao izany fitantarana izany amin'ny teny malagasy. Noho izany dia tsy misy haino aman-jery hafa na iray aza mahazo mandefa mivantana ireo fihaonana 52, na koa handray ny sarin'ny TVM sy ny feo avy amin'ny RNM, ka hampita izany CAN 2019 izany. Araka ny fepetra napetraky ny CAF sy ny UAR izay tompon'ny zo rehetra amin'ity lalao ity koa dia tsy misy mahazo manao fampitana ireo sary sy feo ireo ankalamanjana eto Madagasikara, ary voarara tanteraka koa ny fampiasana ireo sary ireo mba hanaovana hetsika ara-barotra ankalamanjana. Ho an'ireo izay mandray sary avy amin'ny "satellites" koa dia tsy ho afaka hahita ny Can 2019 izy ireo rehefa mandeha ny lalao, fa ho tapaka ny TVM sy ny RNM amin'ireny tolotra ireny. Izao fepetra izao no atao dia ho fanajana ny fifanarahana teo amin'ny CAF sy ny ORTM, izay nividy ny sary sy feo hoy ny tale jeneralin'ny ORTM. Vokatr'izany, marobe ireo Malagasy no diso fanantenana mikasika ity fanapahan-kevitra noraisin'ny minisiteran'ny serasera amin'ny alalan'ny tale jeneralin'ny ORTM ity, satria toa fanovàna any amin'ny tsy izy no nataon'izy ireo. Fotoandehibe iray eo amin'ny fiainan'ny Malagasy izay vao sambany izany hoe hisy Malagasy hiakatra hiady ny amboaran'i Afrika izany, nefa dia asiana fepetra miendrika didin'ny be sandry ny fijerena io baolina io. Maro ireo Malagasy no tsy manana fahitalavitra no mba te hijery eny Ankalamanjana, satria maro ireo mba te handefa izany, toy ny kaominina maromaro mba te hampifaly ny vahoakany, sns...., nefa tsy ho afaka hijery izany izy ireo. Eo ihany koa ireo mba te hiala voly hanao rodobe hijery baolina, nefa voasakana. Koa tena tombontsoan'ny vahoaka ve no ataon'ity fitondràn'i Andry Rajoelina ity sa inona? Tena ilay fitiavana nodradradraina ve no aseho eto sa fitiavam-bola e ? Amin'ny vahoaka ry mpitondra dia tsy mahalala izay fifanarahana teo aminareo sy ny CAF izany izy ireo, fa ny fantany dia afaka mijery baolina ampitoniana, na any an-trano na eny ankalamanjana araka ny efa mahazatra azy.

**Helisoa**

Hopitaliben'Antsirabe

## Nahazo ivon-toerana ho an'ny zaza tsy ampy volana

Manampy amin'ny fitomboan'ny zaza, mandrafitra sahady ny fivoaran'ny sain'ny zaza ary tena mety amin'ny fiandohanam-piainan'ny zaza iray ny trotro an-koditra. Amin'ny maha-zava-dehibe ity teknika fampitomboana ny zaza tsy tonga volana sy ny tsy ampy lanja ity dia nahazo ivotoerana manokana ho an' ny trotro an-koditra na ny "Centre de soins Maman Kangourou" ny maternité ao amin'ny Hopitaly Atsimo na ny CHRR "Centre Hospitalier de Référence Régional". Fiaraha-miombon'antoky ny fanjakana sy ny tsy miankina no nahazoana izao ivotoerana izao. Ny "Association Compassion Madagascar, ny Solidarité orange Madagascar ary ny hopitaly CHRR no toko telo nahamasa-nahandro ity toerana ity. Fandriana azo haforitra niisa 05 niampy ireo fitaovana madinidinika ilaina amin'ny trotro an-koditra no ao amin'ity ivotoerana ity. Ny association Compassion Madagascar dia misehatra ao anatin'ny tetikasa "bébé kangourou", mandray an-tanana ireo zaza tsy ampy lanja latsaky ny 2,500kg, sy tsy tonga volana.Tao anatin'ny telo taona izy ireo no niasa sy nisehatra tamin'ity tetikasa ity ary ankehitriny dia efa nahatafapetraka ivotoerana 17. Raha ato anatin'ny Faritra Vakinankaratra dia faharoa ity centre ity, araka ny nambaran'ny Filohan'ny Fikambanana ramatoa Elodie Prisca Ranjanoro. Zava-dehibe ho an'ny CHRR ny fananana ity "Centre de soins Maman Kangourou" ity satria manampy amin'ny fanomezana tolotra tsara ho an'ny mpisitraka mandalo eto amin'ny hopitaly.Isam-bolana dia mahatratra 200 eo ny mpiteraka mandalo eto amin'ny Hopitaly ary ny 10% 'ireo dia mila ity teknika ity hatrany. Ny andron'ny talata 11 jona teo no notokanana ny "Centre de soins Maman Kangourou" natrehin'ireo manam-pahefana avy eto Antsirabe sy Vakinankaratra

**Lezama**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fivorian'ny CUA ho fanomanana ny fahatongavan'ny Papa amin'ny volana septambra.









Efa ho vita ny fanamboarana tatatra nataon'ny CUA etsy amin'ny làlana Andrianampoinimerina Analakely.







